

**A NY LALÀNA SY NY TENY FIKASANA. Galatiana 3:21.**

- ❖ Samy manana ny kendreny eo amin'ny drafi-panavotana na ny finoana na ny lalàna.
- ❖ Nihevitra ny Fariseo fa afaka manome aina ny lalàna satria voasoratra fa ny olona “ho velona amin'izany” (Levitikosy 18:5).
- ❖ Izany no antony hanazavan'i Paoly ny anjara asan'ny lalàna eo amin'ny fiainantsika.

**B VOAMBINA AMBANIN'NY LALÀNA KA VOAHIDY. Galatiana 3:22-23.**

- ❖ Fomba roa samihafa no azo andraisana ny fomba fitenenana hoe "ambanin'ny lalàna":
  - Eo ambanin'ny lalàna no finidy hahazoana famonjena (Galatiana 4:21).
  - Eo ambanin'ny lalàna na koa ambanin'ny fanamelohan'ny lalàna noho ny fahotantsika (Galatiana 3:10; Romana 6:14-15).
- ❖ Toy ny mpiambina ny fonja ny lalàna izay manidy izay rehetra mandika azy ary manameloka ireo ho faty noho ny fahotany.
- ❖ Mety mahita heviny tsara amin'ny teny hoe “voambina” sy “voahidy” isika.
  - VOAMBINA: Voaro na ambenana (Filipiana 4:7; 1 Petera 1:5)
  - VOAHIDY: Nangonina, arovana (Lioka 5:6; Romana 11:32)
- ❖ Ny lalàna dia tsy ozona fa fitahiana. Mampiseho ny fahotana izy ary manondro an'i Kristy ho lalana ho amin'ny famonjena (amin'ny alalan'ny fanatitra). Niaro ny Israely tamin'ny fitondran-tena ratsy izay nitondra ireo firenena hafa ho amin'ny faharavana ara-batana sy ara-moraly koa izy.

**D NY LALÀNA AMIN'NY MAHA-MPITAIZA ANTSIKA AZY. Galatiana 3:24.**

- ❖ Nahoana no natao ho mpitaiza antsika ny lalàna?
  - Mampianatra sy maneho antsika ny atao hoe ota izy
  - Mibedy sy manameloka antsika amin'ny maha-mpanota antsika izy
  - Mitaona antsika ho eo amin'i Krsity Ilay lalana tokana ho amin'ny famonjena izy
- ❖ Nomena ny lalàna mba hampiseho ny filàn'ny mpanota famonjena.

**E NY LALÀNA AORINAN'NY FINOANA. Galatiana 3:25.**

- ❖ Nanafaka antsika tamin'ny fanamelohan'ny lalàna i Kristy ary nanoratra ny lalàny ao am-pontsika (Hebreo 8:10). Inona no hevitr'izany?
  - Voavela heloka isika, tsy ambanin'ny fanamelohan'ny lalàna intsony isika fa ambanin'ny fahasoavana (Romana 6:14).
  - Voasoratra ao am-pontsika izao ny lalàna, ary maneho izany isika rehefa maneho ny toetran'i Jesosy eo amin'ny fiainantsika, satria ny lalàna dia fanehoana ny Toetrany (jereo Matio 5-7).
- ❖ Ahoana no hiarahantsika miasa amin'Andriamanitra manoratra ny Lalàny ao am-pontsika?